# MPISOLO MANONDRO

-

**Fandinihana**

- Mitady an'<u>ireny</u> izy.
  RF
- Raiso <u>ireo</u>.
  L
- <u>Ireto</u> ny azy.
  EM

1. Teny entina misolo zavatra na toerana tondroina.
2. Teny afaka mitana anjara asa fototra sy fameno.
3. Miantomboka amin'ny « i ».

**Famaritana**

Ny atao hoe mpisolo manondro dia teny misolo olona na biby na zavatra tondroina ka afaka mitana anjara asa fototra na fameno.
Miantomboka amin'ny « i- » mandrakariva ny mpisolo manondro. Noho izany voasoritra avokoa izy rehetra.

**Ny firafiny**

Manana firafitra azo rasaina koa ny mpisolo manondro

| A | |
|---|---|

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| Voninkazo io.<br>Voninkazo ito.<br>Voninkazo itsy.<br>Voninkazo iny.<br>Voninkazo irỳ. | | | | Fasika ireo.<br>Fasika ireto.<br>Fasika iretsy.<br>Fasika ireny.<br>Fasika ireroỳ. | |
| i - ∅ - ∅ - o<br>i - ∅ - t - o<br>i - ∅ - ts - y<br>i - ∅ - n - y<br>i - ∅ - r - y | | | | i - re - ∅ - o<br>i - re - t - o<br>i - re - ts - y<br>i - re - n - y<br>i - re - r - y | |
| Mpanoritra | Milaza tokana | Halavirana | Maneho mifintina na mivelatra | Mpanoritra | Milaza fahamaro |

Araka io firafiny io dia mpisolo toerana nasiana mpanoritra ihany ny mpisolo manondro. Avy eo norafetana **-r-**(maneho fahamaroana) sy **-z-**(maneho tsy hita maso) dia lasa mpisolo manondro

-

## Karazany

Misy karazany telo ny mpisolo manondro:

- **Mpisolo manondro zavatra tokana**

  Ireto avy izy ireo: **io, ito, ity, itsy, iry, iroa…**.

- **Mpisolo manondro zavatra maro**

  Misy « **-re-** » eo afovoany araka ny firafiny

  Ireto avy izy ireo: **ireo, ireto, iretsy, ireny, irery, ireroa…**

**Mpisolo manondro zavatra tsy hita maso**

Misy « **-za-** » eo afovoany araka ny firafiny

Ireto avy izy ireo: **izao, izato, izatsy, izany, izary, izaroa**

Fanamarihana:

Mbola azo anavahana azy koa ny renifeo eo afovoany sy ny zana-peo farany.

- **Renifeo afovoany :** maneho halavirana

  t - akaiky oh : ity, ireto, izato

  r - lavitra oh : iry, izary, irery

- **Zana-peo farany :** maneho mifintina na mivelatra

  « -o » : mifintina oh : io, ito, izao

  « -y » : mivelatra oh : iny, irery, izary

-

Misy koa ny mpisolo manondro izay manondro sokajin-javatra na andian-javatra mitovy karazana

Oh : itony, irony
Firafiny : i - t - ony t : akaiky
i - r - ony r : lavitra

| **Hita maso** | **Toerana misy ilay miteny** | | **Toerana ivelan'ilay miteny** | | **Elanelan'ilay miten tondro** | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Fisehony | Mifintina | mivelatra | Mifintina | Mivelatra | Akaiky | Akaikikaiky |
| Tokana | Eto, ity | - | io | Iny | itsy | itsy |
| Maro | ireto | - | ireo | Ireny | iretsy | iretsy |
| Karazany | Itony | | - | | itsony | |
| Tsy hita maso | | | | | | |
| Tokana sy maro | izato | izatsy | Izao izay | Izany | izatsy | izatsy |
| Karazany | Izatony | | - | | izatsony | |